
# AKO

## ANTENIMIERAM-PIRENENA ENTIM-BAHOAKA



LAHARANA :

VOLANA :

atolotra anao :

# AKO MANOKANA 1982
special ako

gazety an-tokantranon'-
ny antenimierampirenena

ASSEMBLÉE NATIONALE

# tonga soa ny AKO...
# MIARAHABA anareo indray

Miarahaba ny Solombavambahoaka indray sy ny Mpamaky hajaina ny Mpiandraikitra ny Gazety AKON'NY ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA.

Miarahaba satria eleolàhany izay tsy nihaonana sy tsy nitsidihana anareo isan-tokantrano izay, toy ny fanaony isam-bolana, ny Gazety AKON'NY ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA.

Miarahaba anareo koa tsy maty fo aman'aina teny an-tsehatra fiatrehana adidy mahaolomboafidy nanankinan'ny Vahoaka adidy amam-pandraikitra mavesatra sy saro-bidy ho amin'ny fampandrosoana ny Tolom-piavotana ny Gazetin'ny ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA.

Miala tsiny, miala fondro kosa anefa ny Gazety AKON'NY ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA, fa tsy sanatria fahalainany hampanakoako velively ny feony no tsy nisehoany hatramin'izay. Tena tsy niankina tamin'ny sitrapony ny zava-nisy. Raharaha an-tokantrano ihany izany ka tsy anjaranay ny hampihanaka azy. Antony teknika ara-pitaovana raha ambara amin'ny fiteny mahafaoka be.

Koa dia indro mifanorasara aminareo indray ny Gazety AKO amin'ny alalan'ity LAHARANA MANOKANA ity.

Mahazoa fahafinaretana eo am-pamakiana azy. Soava koa tsarà, Tompokolahy sy Tompokovavy.

++

++ ++

++++++

Ho hitanareo ato amin'ity Gazety ity:

A.- VAOVAO POLITIKA ANATINY: - Ny kabary fanokafana ny fivoriana ara-potoana faharoa ( 10 Novambra 1982 )
- Iza moa Didier RATSIRAKA ?

B.- VAOVAOM-PIFANDRAISANA AMIN'NY ANY IVELANY: - Akon'ny fitsidihana nataon'ny Solombavambahoaka Indoneziana teto amintsika.

D.- INDARY MITOPY NASON'NY VAOVAO SAMIHAFA

+++++++

+++++++++++++++++

+++++++

# hitondra vaovao TSARA

050-0100 AKO.

# APEB MIASA...

# *fivoriana tava nefa nahatsara, satria nifidy...*

Araka ny didim-panjakana laharana faha-82-398 tamin'ny 20 septambra 1982, dia nantsoina hivory ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka. Nisokatra tamin'ny Alarobia 10 Novambra 1982, tamin'ny 10 ora izany, dia ny fivoriana ara-potoana faharoa amin'ny taona 1982. Nohazavain'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka tamin'ny kabary nataony ho fanokafana izany fa isan-taona dia eo amin'ny voalohandohan'ny volana Oktobra eo no tokony ho fiandohan'ny fotoam-pivoriana faharoa. Nahemotra izy io, tamin'ito, noho ny fanatontosana ny fifidianana izay ho Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy ary tsy maintsy faranana ny 10 Desambra 1982 araka ny lalàmpanorenana.

Hoy indrindra ny Prezidà Lucien-Xavier Michel ANDRIANARAHINJAKA raha nanambara ny heviny momba iny fifidianana tamin'ny 7 Novambra 1982 iny :

1°/ Nanjaka tanteraka ny filaminana sy ny fahalalahana

Ny mpitazana nijery tamin'ny maso tsy miangatra izay zava-nitranga teto amin'ny firenena nandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra sy ny fandatsahambato dia tokony hiara-miaiky fa nanjaka tanteraka tokoa ny filaminana sy ny fahalalahana teo amin'ny fanohoan-kevitra.

Voninahitra lehibe ho an'ny Vahoaka malagasy izany. Voalaza ombieny ombieny fa zava-tsy fahita matetika, indrindra aty amin'ny tany an-dalam-pandrosoana ny tahaka izay nisy teto amintsika

Kandidà roa, samy tsy olonolom-poana samy taviny no volony tokoa no niletsaka hofidina. Azo lazaina fa voahaja tanteraka ny fahazoan'ny mpilatsaka hofidina sy ny mpanohana azy naneho sy niaro ny heviny, na tamin'ny fihaonana amin'ny Vahoaka na tamin'ny alalan'ny fampielezam-baovao samihafa.

Mahazo mibitaka, noho izany, ny Fitondrana revolisionera sy ny Vahoaka malagasy.

2°/ Naneho ny safidiny ny Vahoaka mpifidy

Hoy indray ny Filoha Lucien-Xavier Michel Andrianarahinjaka :

" Tsy mbola nisy ny tahaka izao teto Madagasikara. Fantatr'ny Vahoaka ny mba hahazo mifidy fa tsy handatsabato fotsiny ihany. Notoavina izany fanekena izany, ary dia nisongadina ny endriky ny atao hoe " DEMOKRATIKA "

3°/ Hita taratra fa nandresy ny Kandidà RATSIRAKA

Na dia mbola tsy tafavoaka ara-dalàna aza ny vokatra ofisialy tamin'izao fotoam-panokafana ny fivoriana izao, dia efa misongadina sahady ny fandresen'ny kandidà RATSIRAKA, hoy ny filohan' ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka.

Koa dia mäisin-tanana ny kandidà MONJA JAONA izay nifaninana taminy.

Adin'ombalahin'ny mpianakavy tokoa ny fifidianana toa izao ka izay resy tsy akoraina, moa ny maharesy tsy hobiana - Raharaham-pirenena rahateo koa no hatrehina mandrapahatapitry ny fotoan'andro iainan'ny olom-pirenena iray tia Tanindrazana ka mivonona hanompo sy hanasoa azy.

4°/ Inona no lesona azo tsoahina ?

Angamba mbola tsy tonga ny fotoana tokony hanatsoahana ny lesona azo avy amin'iny fifidianana tsy manampaharoa iny, hoy ny Prezidà Andrianarahinjaka.

Na izany aza, misy eritreritra vitsivitsy efa azo atsipy sahady hosaintsainin'ny besinimaro :

- Tokony hanontany tena anefa isika ankehitriny hoe : " inona ankoatra ny fideran'ny any ivelany antsika ho nampiatra ny demokrasia mahazatra ny sasany sy ny fahafaham-pontsika nanapatra ny disadisa nameno ny fo sy ny fisainana ny tsirairay avy, vokatry ny fahasahiranana atrehin'ny Firenena ankehitriny ?

Inona no tena voka-tsoa azon'ny Firenena tamin'ny fomba nitondrana ny fifidianana teo iny ?

- Ny zava-misy marihina koa dia ny niniavan'ny andaniny ny hihoapefy ny fandaharam-panjakana manankery. Ny fototra iorenan' izao fandaminana ankehitriny izao mihitsy no anisan'ny niompanan'ny fampielezan-kevitra nataony.

Nokianina avokoa ny Andrimpanjakana samihafa, na ny Boky Mena lany eram-bahoaka, ary na dia ny zavabita tao anatin'-izay fito taona izay aza.

-Rehefa avy nitsikera sy nanatsikera ny fomba nitondrana ny tolona fiavotam-pirenena àry isika, hankaiza sy hanahoana no hampizarana ny dian'ny Tolom-piavotam-pirenena ?

-Nokendrena hatrizay mba ho voafintina ao anaty fandaharam-panjakana ny fisian'ny hevitra tsy mitovy ka niafara hatrany amin'-ny famaritana ny marimaritra iraisana.

-Ankohitriny kosa, raha ny vokatry ny latsabato fantatra no heverina, dia hafa ny zava-mitranga. Misy ampahatelon'ny Vahoaka no tsy nankasitraka izay natao tao anatin'ny fito taona izay. Havela hitsangana ve ny Antoko mpanohitra ny Mandatehezana, ary angamba koa hovàna ny lalàmpanorenana niarahan'ny daholobe nandany tamin'ny 21 Desambra 1975 ?

-Iny fampielezan-kevitra iny koa dia nandrenesana fanakianana marobe izay tokony hahazoana manarina ny dia sy ny fomba nitondrana ny raharaham-pirenena. Heverinay fa tokony ho nahatsarana tany ka niandrasana propagandy.

Fisaorana ny Vahoaka sy ireo mpanentana samihafa mpomba ny kandidà roa no namaranan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka ny kabary fanokafana nataony izay tena niondrika fanakafakana sy fisintonan-tsaina mba hahay toa dian-tana eo amin'ny fiatrohana adidy toy ny fifidianana. Tamin'ny maha-Filohan'ny Komity Nationaly mpanohana ny kandidà RATSIRAKA azy no nampitany izany fisaorana izany mba hiantefa any amin'ny Vahoaka liam-pivoarana mbola nanavao indray ny fitokiana feno an-dRATSIRAKA mba hitondra ny tany sy ny Fanjakana ho amin'ny fito taona faharoa vaovao.

Nanome voninahitra izany lanonam-pamokafana izany ny Mambra maro amin'ny Fitondrana Revolisionera izay nahitana ireo Filohan'ny Andriampanjakana sy ny Preministra Lehiben'ny Governemanta.

*fa iza moa* RATSIRAKA ?

ASSEMBLÉE NATIONALE

Tsy hiseho hahalala be lavitra noho ny efa niaraniaina sy niara-niasa ka nifampikasoka taminy izahay.

Olomboafidy voalohany, Solombavambahoakan'Imadagasikara amin'ny sehatra maro koa ny Kamarady RATSIRAKA, ka tsara ny hampahalalana mazava ny momba azy.

Rehefa avy nanao ny asan'ny " Attaché militaire " tao amin'ny Ambasadintsika tany Paris izy, tamin'ny taona 1970, dia nantsoin'ny Jeneraly RAMANANTSOA koa tamin'ny fotoam-pitondrany hody aty an-tanindrazana noho ny antsompirenena.

Voatendry ho Ministry ny Raharaham-bahiny tao amin' izany Governemanta izany izy, tamin'ny 27 May 1972.

Teo no niantombohan'ny Santatra politikany sy ny tolona goavana nanaingana niandalana sy tsikelikely aloha ny politika ivelany mitodi-doha amin'ny vazan-tany mitodi-doha amin'ny vazan-tany efatra, dia narahin'ny politika fanadiovana tanteraka ny fanopaterana saminafa tsy afahan'Imadagasikara mivelatra amin'ny fiandrianany sy ny fahaleovantenany, ary dia niafara amin'izao Tolom-piavotam-pirenena ( Revolisiona nasionaly demokratika ) izao izay hitarika hakamin'ny fampandrosona ny Revolisiona Sosialista Malagasy.

Indray mielatra momba ny dingana vitan'ilay Rain'ny Tolom-piavotana.

Ny Capitaine de Corvette Didier RATSIRAKA no nampiverina indray ny zo amankasin'i Madagasikara tao anivon'ny Fiankaviambe afrikanina ( O.U.A), ary dia izy koa no vy nahitana ny fampizorana an'Imadagasikara hankamin'ny sori-dàlana ankapobe hivelarany amin'izao tontolo izao. Nanomboka tamin'ny taona 1972 ka hatramin'ny 1974 dia nitety firenena maro eran'izao tontolo izao izy, ary fifanarahana ara-diplomatika sy fifanokom-piaraha-miasa taminà firenena diny ambin'ny folo eo ho eo tany Eoropa-Antsinanana, Afrika ary Asia no nosaininy. Tamin'izany fotoana izany i Madagasikara no nanapaka ny fifandraisany tamin'i Afrika-Atsimo, Israël ary Formose.

Feran'izay sarotiny dia sarotiny tokoa ny lohilahy amin' ny fiarovana mandrakariva ny fiandrianana sy ny fahaleovantenam-pirenena. Notapahiny avokoa izay rehetra namatopatotra tamin'ny mpanjanaka teo aloha. Izy no mpitarika ny solontena malagasy tamin'ny fanovaozana ny fifanokom-piaraha-miasa frantsay-malagasy tamin'ny 4 Jona 1973, ka nampiverina tanteraka indray ny fiandrianana sy ny fahaleovantenan'i Madagasikara.

.../...

Raha novonoin'ny fahavalon'ny Tolompiavotana ny Jeneraly Richard RATSIMANDRAVA, Filoham-pirenena sady lehiben'ny Governemanta tamin'ny 11 febroary 1975, dia nijoro ny Komitim-pitondrana miaramila ( Directoire Militaire). Voafidy ho isan'ny mpikambana tao ny Capitaine de Frégate Didier RATSIRAKA Tamin'ny 15 jona 1975 dia natolotr'ireo manamboninahitra mambra tao amin'ny Komitim-pitondrana miaramila ho zakainy ny fahefana rehetra maha-Filohan'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolom-piavotana sady Lehibon'ny Fitondram-panjakana azy.

Ny 26 aogositra 1975, no namoahany ny Fototra iorenan'ny Revolisiona Sosialista Malagasy ( Boky Mena ) , ary tamin'ny 21 desambra 1975 dia lany eram-bahoaka :

- ny lalàn-panorenana ;
- ny Boky Mena ;
- ny maha-Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy an'Atoa Didier RATSIRAKA.

Ny 30 desambra 1975 no nanao fianianana amin'ny maha-Filohan'ny Repoblika Demokratrika Malagasy azy Atoa Didier RATSIRAKA, ary tamin'ny 4 janoary 1976 no nanendreny ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolom-piavotana, sy ny Praiministra Lehiben'ny Governemanta.

Ny 19 marsa 1976 no nananganan'Atoa Didier RATSIRAKA ny Antoky ny Revolisiona Malagasy ( A.RE. MA ) izay izy no Sekretera Jeneraly. Tafatsangana tamin'ny 29 desambra 1976 ny Mandatehezam-pirenena miaro ny Tolom-piavotana ary izy ihany koa no Filoha mpitarika azy.

Tamin'ny 26 janoary 1981 dia natolotra an'Atoa Didier RATSIRAKA ny médaille JOLLIOT-CURIE izay mari-boninahitra ambony indrindra ao ami'ny Filan-kevitra eran-tany momba ny Fandriampahalemana.

x

x x

x

INONA NO ZAVA-BITANY NA BAINGA VOAVADIKA ?

Tsy ary ho voatanisa ny zava-bitan'ny Revolisiona nandritra ny fito taona nitondran'Atoa Didier RATSIRAKA ny Tany sy ny Fanjakana fa izay misongadina indrindra no asého etoana.

.../...

Nanambantsika nandro tamin'ny kabary miezinezina nataony tamin'ny faha-8 oktobra 1982 tao amin'ny Lapampanjakana tao Ambohitsorohitra ny politika ankapobeny nitondrany ny Firenena nandritra ny fito taona ( 1975-1982).

Mivoitra indrindra tamin'izany ny fikolozan'Atoa Didier RATSIRAKA aina, niaraka tamin'ny Vahoaka sy ny Fitondrana Revolisionera, ho amin'ny Fanafahana an'i Madagasikara eo amin'ny lafiny rehetra. Tsy azo adinoina koa anefa ny filofosany hahatonga an'i Madagasikara eo amin'ny toerana be voninahitra misy azy amin'izao fotoana izao eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

FANAFAHANA ARA-POLITIKA

Tsy nataon'Atoa Didier RATSIRAKA ambanin-javatra na oviana na oviana ny fitandroana ny fiandrianana sy ny fahaleovantenam-pirenena . Izany no nahatonga azy, araha mbola Ministry ny Raharaham-bahiny izy, ho nanatanteraka :

- ny fanesorana ny tafika sy ny tobin-pamaharana vahiny teto an-toerana ;

- ny fanavaozana ny fifanekem-piaraha-miasa Malagasy-Frantsay ;

- ny fanapahana ny fifandraisana ara-diplaomatika tamin'i Afrika-Atsimo sy Israely, izay nampisongadina ny fanoherana ny fanavakavaham-bolon-koditra sy ny fanjakazakana an-tanin'olona ary ny sionisma ;

- ny fanalana an'i Madagasikara tao amin'ny OCAM.

Rehefa nandray ny fitondrana ny tany sy ny Fanjakana Atoa Didier RATSIRAKA tamin'ny taona 1975, dia nanohy hatrany ny politikam-panafahana izay natombony :

- ny fialana tao amin'ny faritra-bola "franc" ka nampijoroana ny Banky Foibe Malagasy ;

- ny fandraisana ho fananam-bahoaka ireo tany nidadasika teo am-pelatanan'ny vahiny ;

- ny fijoroana amin'ny politika tsy momba ny atsy na ny aroa ( Non-Alignement) ;

- ny fanarahana politika manohitra ny Imperialisma, ny kolonialisma, ny neokolonialisma, ny apartheid sy ny rasisma ;

- ny fanampiana an'ireo vahoaka voageja sy ireo fikambanana mitolona ho an'ny fanafahana ny taniny ;

- ny fanaovana ny ranomasimbe Indiana ho faritry ny fandriam-pahalemana.

…/…

FANANGANANA TOE-KARENA TSY MIANKIN-DOHA :

Rehefa tapaka avokoa izay moty ho namatopatotra an'i Magasikara teo amin'ny lafiny ara-politika dia niroso teo amin'ny fananganana toe-karena tsy miankin-doha ny Firenena malagasy :

- noraisina ho fananam-pirenena ny Banky, ny Fiantohana azy ny Tranom-barotra vaventy sy ny orinasa goavana rehetra iankinan' ny toekarem-pirenena ;

- nampiroboroboina fatratra ny fiompiana sy ny fambolena indrindra fa ny vary ( Fisamboram-bolam-pirenena LOVA, fividianana trakitera, sns.) ;

- natsangana manerana ny Nosy ny indostria samihafa mba hialana miandàlana amin'ny fiankinan-doha amin'ny any ivelany ( Fanenoman-damba, fanalvan-jezika, famokaram-by, sns...)

Izy hiantehitra afa-tsy amin'ny herin'ny tenany ny vahoaka malagasy, eo ampananganana izany toekarena izany, nefa tsy lavina kosa ireo fanampiana avy amin'ny firenen-kafa izay manampy antsika hiala amin'ny fanampiana.

Tsy vitan'izany fa tsy mitandro hasasarana ihany koa ny Filoha Didier RATSIRAKA hampanjaka ny fiaraha-miasan'ny tatsimo sary tatsimo. Narosony tamin'ilay kabary manantantara tamin'ny 5 septambra 1979 tany La Havane teo amin'ny fivoriamben'ny Vondron-tany tsy momba ny atsy na ny aroa ny tokony hananganana tahirim-bola telo : Tahirim-bola ifanampiana sy ifanohantohanana, Tahirim-bola ho an'ny Fampandrosoana ary ny Tahiry fandrindram-bidy ny vokatra.

FANAFAHANA ARA-TSOSIALY SY ARA-KOLTORALY

Anisan'ny vatofehizoro ijoroan'ny Repoblika Demokratika Malagasy ny fitsinjaram-pahefana (décentralisation) izay mifototra amin'ny Fokonolona sosialista.

Mandray an-tànana ny hoaviny ao anatin'ireny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ireny ny vahoaka malagasy, ary mandray anjara amin' ny asa fampandrosoana ny Firenena amin'ny lafiny rehetra.

Anisan'ny misongadina amin'ny zava-bitan'ny Fitondrana Revolisionera tarihin'ny Filoha hajaina Didier RATSIRAKA ny fanafahana ara-tsosialy sy ara-koltoraly :

- Politikam-pamehoahana sy fanapariahana ny fampianarana (Fampijoroana ny CUR na ny Centre Universitaire Régional isaky ny Faritany " Lycée " isaky ny Fivondronampokontany, SAFF na Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra isaky ny Firaisampokontany ary SFF na Sekoly Fanabeazana Fototra isaky ny Fokontany) ;

.../...

- Fanohezan-danja manokana ny teny malagasy eo amin'ny lafiny fampianarana ary famporisihana ny fianarana teny vahiny takian' ny fifandraisana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ;

- Fanafahana ny mpiasa tamin'ny tsindry hazo lena samihafa ka namoahana indrindra ny Dinan'ny fanjarian'asa sosialista sy ny Dihan'ny Kaoperativa Sosialista ;

- Fibanjinana ny tombon-tsoan'ny tantsaha maro an'isa ka nasondrotra hatrany ny vidin'ireo vokatry ny tany (vary, voanjo, kafe, lavanila, jirofo, hasy, sns...) ;

- Fanafahana ny tanora tsy an'asa amin'ny alàlan'ny famerenana azy ireo amin'ny tany (Fananganana vohitra iombonana) sy ny fandraisany anjara amin'ny fitandrlana ny fandriampahalemana ( Quartiers Mobiles ) ;

- Fanafahana ny vehivavy tamin'ny fanavakavahana nihatra taminy ;

- Fananganana ankanin-jaza mba hahafahan'ny vehivavy mirotsaka amin'ny asam-pamokarana ;

- Fampitovian-jo ny mponina an-tanan-dehibe sy ambanivohitra ka nampanantonina ny vahoaka ny fitsaboana (fananganana hôpital secondaire isaky ny Fivondronampokontany, Centre de soins de santé primaires).

x

x, x

x

Azo tsapain-tànana tokoa izao ezaka ho fampandrosoana ny Firenena vitan'ny Revolisiona tarihin'Atoa Didier RATSIRAKA izao Tao anatin'ny fito taona (1975-1982) dia vola mitentina 580 000 tapitrisa Ia no nenti-nanana ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ny Firenena teo amin'ny lafiny rehetra .

Miharihary amin'izany fa BE NO EFA VITA, ary tsy isalasalana fa ao anatin'ny fito taona manaraka dia ho lasam-davitra tokoa i Madagasikara eo ambany fitarihany.

# TSINGERIN-TAOM-PAHATERA-HANA SY FIRARIANTSOA

## ho an-dRatsiraka

Fa nifanojo indrindra tamin'ny fotoanan'ny fientanam-bahoaka nanao fampielezan-kevitra koa ny fitsingerenan'ny taom-pahaterahan'ny Filoham-pirenena.

Niarahaba azy noho izany, ny Antenimierampirenena entim-bahoaka arak'izao manaraka izao :

" Amin'izao fitsingerenan'ny taona nahaterahanao izao, dia raisiko ho voninahitra sy fifaliana ny manolotra anao, amin'ny anaran' ny Solombavambahoaka rehetra sy ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny fiarahabana feno sy firariantsoa mitafotafo.

Homen'Andriamanitra andro lava anie ianao, hotahian'ny RAZANA ka hanana lalandava ny fahasalamana, herim-po sy faharanitan-tsaina hoonti-miatrika ny adidy mavesatra napetraky ny Firenena aminao ary nekenao hiantsorohana amim-pitiavana sy amin-kitsim-po.

Noho ny fitiavan-tanindrazana miredareda ananao, dia nanaiky ianao hilatsaka hofidina indray ho Filohan'ny Repoblika amin'ny fito taona manaraka, fifidianana izay hatao amin'ny 7 Novambra ho avy izao. Mikasika izany fifidianana izany dia mamolà ahy ianao, Andriamatoa Filoha, hampahatsiahy fa , araka ny fehin-kevitra noraisiny tamin'ity taona 1982 ity, ny Antenimierampirenena entim-bahoaka dia efa nanohana tamin'ny fomba hontitra ny fanohanany tsy misy hambahamba ny firotsahanao hofidina ho filoham-pirenena. Araka izany, dia mahazo matoky ianao fa tsy mikolisoroka ny Solombavambahoaka rehetra miaraka amin'ireo Vondrona revolisionera ary ny Komity samihafa manohana ary hitanna ny Vahoaka hahazoanao fandresena miezinezina amin'izao fifidianana atrehintsika izao.

Fantatray mantsy fa izany no lalana tokana hahazoana miaro ireo zava-bitan'ny Revolisiona sy manohy ny ezaka efa natomboka hanatanterahana ireo zava-kinendry voasoratra ao amin'ny Boky Mena hananganana fiaraha-monina vaovao sosialista anjakan'ny rariny sy ny hitsiny.

Sonia : Lucien-Xavier Michel ANDRIANARA-HINJAKA

# Dia ahoana koa ?...

\+

\+ \+

\+

\+

DIA NANDRESY TOKOA,
NAHOMBY SY TAFITA SOA
NY SAMBON'NY FILOHA RATSIRAKA,
KA HOY NY APEB MANKASITRAKA :

Andriamatoa Filoha,

Aorian'ny fifidianana tamin'ny 7 Novambra lasa teo iny, izay nanomboka hita soritra ankehitriny ny vokany, dia ny finiavan'ny Vahoaka malagasy hiroso hatrany amin'ny sori-dalana sosialista tamin'ny nametrahany fitokisana aminao ho Filohan'ny Firenena amin'ny fito taona ho avy, dia :

1 Raisiko ho voninahitra sy fifaliana ny manolotra anao, amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka sy ny Birao Maharitry ny Antenimieram-pirenena entim-bahoaka ny fiarahabana feno.

Ho vivato anio ny ainao, hotahian'Andriamanitra hery sy tanjaka ary fahasalamana mba hahazoanao miantsoroka lalandava ny adidy mavesatra napetraky ny Firenena aminao.

Noporofoin'ny Vahoaka malagasy tamin'izany vanim-andro lehibe eo amin'ny tantaran'ny Firenena izany fa ny fitondranao indray ny Tany sy ny Fanjakana no lalana tokana hahazoana miaro ireo zava-bitan'ny Revolisiona sy manohy ny ezaka natomboka hahatanterahana ireo zava-kinendry voasoratra ao amin'ny Boky Mena.

Hamafisiko etoana indray ny fahavononanay hanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra aminao handresen'ny Tolom-piavotana .

Sonia :

Lucien-Xavier Michel ANDRIANARAHINJAKA -

# VAOVAO - TOPIMASO
## indray mipelatra

Azo lazaina ho taona nitranga[illegible]-baovao maro, tsy teto an-toerana ihany fa [illegible] iv[illegible]l ny ko[illegible], ny taona 1982.

Notohizan[illegible]domin-doza mindrakariva ny FANDRIAMPAHALEMANA ERAN-TANY noho ny fi[illegible]iza n'ireo Firenena naezaka misoko ho matanjaka sy manan-kinana [illegible] ma[illegible]ran[illegible] fampisavorovoroana etsy sy eroa mba hametsifetsena sy hampiadiana [illegible]ano ny Firenena mbola mivoatra sy mihoitra aty AFRIKA sy PASIFIKA ny KARAIBA.

Tsy mifidy sehatra hiasana ny zalahy VOAIBE fa na aty an-pi[illegible], na ny amin'ny Fanatanjahantena (ny MUNDIAL 82), indrindra indrindra [illegible] ny amin'ireo Sampana iraisam-pirenena sahanin'ny FIRENENA [illegible] sy VAROTRA IOMBONANA ary ny hafa, dia mitranga ihany ny fifampiandrian'ireo bes[illegible]ina sy andrin[illegible]lahy mitady hirika tsy hampanjary ny ezaky ny Tany an-dalam-pandrosoana.

Ivelan'ireo ny SABOTAZY politika, ekonomika sy ara-barotra [illegible]y m[illegible]mpihiky volana mihitsy ny famagiazana ny Tany mahantra sy tsy mba [illegible] ny ampy. Aseho mihitsy amin'ny alalan'ny familafilana sy fampi[illegible]ana tsy an-drahiny ny vidin'entana sy ny fanondrana zava-tsy miady tsy mif[illegible]-[illegible]k velively akory amin'izany kaomandin'ilay Firenena mpanafatra. Tr[illegible]-[illegible]v[illegible]zana vok[illegible]tr'izany matetika isika Malagasy.

......./.......

Izay zava-baventy ihany no singanika eto ho fanaranana ny vaovao topimaso avy any ivel ny,dia:

- ny fampikorontanana ny Mpiara-mitondra ao ZIMBABWE, izay nifara mihitsy tamin'ny fampisarahan-baoana ny Mandatehezana nitolona ho an'ny fahaleovantenan'io Firenena io,dia ny ZANU sy ny ZAPU.Nisaraka koa Ingahy Robert MUGABE sy Joshuan NKOMO izay nitarika ireo Antoko niombona ho Manda.

- ny fandringanan'ny Tafrikana atsimo ireo Mpitolona mainty hoditra,indrindra fa ny Namibiana izay tohanan'i MOZAMBIKA sy ANGOLA, mpifanolo-bodirindrina aminy.Mitapify ao an-damosin'i AFRIKA ATSIMO ireo firenena eoropeana mpandray tombontsoa ara-toekarena ka manosika ny asa maloton'ny fanavakavahan-bolonkoditra.

- ny fibitsihana mangina tamin'ireo Mpitondra afrikana maro an'isa mba hampandamoka ny fivoriana tampony faha-19 tokony hataon'ny FIRAISAMBE AFRIKANA tany Tripoli,tamin'ny volana Aogositra lasa teo.

- ny vono noka sy ady zera baomba any LIBAN ka namoizan'ny PALESTINIANA ain'olona maro.Torak'izany koa ny adin'i IRAKA sy IRAN.

- tsy tenenina fa mbola tantara mitohy ny fanelingelenana ny ezaka ho fampitambarana an'i KOREA roa tonta ( Atsimo sy Avaratra)ho KOREA TOKANA IRAY TSY MIVAKY,ny fifampiandrasana eo amin'ny mpirahalahy samy arabo,MAROKA sy SAHARA ANDREFANA.

- samy tandindomin'ny fivakiana koa na ny FIRAISAMBE AFRIKANA na ny FIRAISAMBE ARABO vokatry ny fisaratsarahan-kevitra manoloana ireo problema ateraky ny ady sy ny fisondrotan-bidin'ny akoran-javatra sy ny olana politika ateraky ny fahasamihafam-pijery sy firaihan-kevitra.

Toa mifaly havanja sy manararaotra ny fahavoazaa'ny Tany an-dalam-pandrosoana ireo Filoha ngezalahy mpitondra Fanjakana amin'ny Kaontinanta efa mahery sy manan-katao.Ny ady korontana no ifandrombahandry zareo anambatambazana Akama hividy fitaovam-piadiana any aminy,na tsotra izany na mahery vaika.Izay hifanononan'ny samy madinika no ady eo.

+

+ +

Fa andeha hiverina eto an-toerana indray isika.Tsy atao ambany maso tsy hita koa ny fiatrehantsika Malagasy ny asa fanarenam-pirenena,ny tolona ho fan-

daminana ny firinam-bahoaka,ny Fanatsiana,ny Vola sy ny Varotra,satria maro koa ny Malagasy teratany no mivelona amin'ny asam-panokarana sy ny asam-barotra.Minenomenona izy ireny,satria tsy maintsy efaina aloha ny an'ny CNTRIBUTION DIRECTE sy INDIRECTE ny anjara volany vao afaka mahazo " CARTE ROUGE" ho an'ny fahazoa-mividy.

Avy amin'ireny fimenomenonana ireny no mampitatra ny resabe sy ny teti-dratsy mampiorim-paka ny risoriso sy ny hala-botry ary ny fanararaotana sy ny fitenenan-dratsy ny Mpitondra isan'ambaratonga,miainga avy amin'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ka miantraika hatrany amin'ny fara-tampony,any amin'ny Filoham-pirenena.

Firenena sakaiza vitsivitsy no nifandimby nifampiraharaha tamin'ny Fitondrana malagasy ka nanome fanampiana hoenti-mikarakara ny fanatsarana ny fanokarana sy ny fiainam-bahoaka.

Tanisaina eto ireo Firenena nandray anjara: Lafrantsa(avy amin'ny alalan'ny FAC sy CCCE),ny Firaisana sovietika sy Kioba,ny rahalahy sinoa sy koreana,ny Amerikana,ny Libyana sy Alzeriana,ireo Sampandraharaha miankina amin'ny Firenena Mikambana toy ny PAM izay vao nanome vary antsika,ny Vokovoko mena iraisam-pirenena sy ny Repoblikan'i Alemaina andrefana sy Atsinanana ary ny hafa tsy voalaza.Nanala fahasahiranana tokoa ny nahazoantsika simenitra,lafarina,fanafody fanefitra, zezika,sy ny sisa sy ny sisa....

+

+ +

Marobe koa ny fitokanana ireo asa vita: ny KOBAMA ao Antsirabe,ny KAFEMA any Ambanja,ny Orinasa fanaovana ampoule électrique ANJARA eto Antananarivo ( Fivondronana Avaradrano),ny SILO NATIONAL any Toamasina,ny fanadiovana solitany ao Toamasina ihany koa izay mety hahazoana gaza sy godrao,ny toha-drano goavana ao Andekaleka,ny Orinasa Mampitao ONAPMAD, an'ny Ministeran'ny Fampianarana,ny lalana ampitohizana an'Antananarivo amin'i Toamasina,izay ampahany ao anelanelan'i Brickaville no vita.Santionan'ny fiaraha-miasa sy ny fifanampiana mba hampandrosoana sy hampandresena ny Tolom-piavotam-pirenena avokoa ireo rehetra ireo.

Ny manetsabe anefa mbola ho avy,ary mbola ho lehibe lavitra noho izay efa notanterahina nandritr'izay fito taona nodiavina izay.

Nanao fanamboarana ny Fitondrana koa ny Filoha RATSIRAKA.

+ +

Izany no natao,hoy ny Filoham-pirenena,dia mba hikendrena indrindra ny fanamboaram-pitantanan-draharaham-panjakana sy ho fikatsahana fomba hanarenana ny tsy mety.

Tsy dia nisy ny fanovana olona fa fanovana andraikitra no natao tamin'io " remaniement gouvernemental "io.

Olom-baovao telolahy angaha no tafiditra ao amin'ny Governemanta.Manampy azy ireo ny Direkteran'ny Kabinetra sivilin'ny Prezidà taloha sy ny Sekretera jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika.

Irete avy izany ireo Ministra vaovao:

- Atoa isany BEDO Joseph: MINISTRY NY FITATERANA SY NY FAMATSIANA ARY NY FIZAKANTANY
- RAMAHATRA Victor (Commandant): MINISTRY NY ASA VAVENTY
- RAKOTOMAVO Pascal: MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIPIVOARANA
- ANDRIAMANERASOA Nirina: MINISTRY NY FAMPIROBOROBOANA NY FAMOKARANA SY NY FANAVAOZANA NY FIZAKANTANY
- SOLOFOSON Georges: MINISTRY NY TOEKARENA SY NY INDOSTRIA.

Ireo no Ministra vaovao vao notendrena mba hanatevin-daharana ireo ekipan'ny Fitondrana mpanatantera-draharaha tarihin'ny Praiministra Désiré RAKOTOARIJAONA.

Tsy nisy fanovana firy,hoy izahay,fa ny Ministra RAZAKABOANA sy INDRIANJAFY Georges Thomas ary RADIO Célestin sy SIMON Pierre dia samy notendrena ho Mambran'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolom-piavotana.

Lasa Ministry ny Fampahalalam-baovao sy ny Fanentanana ara-pirahan-kevitra sy ny fampandrosoana ny Kaoperativa ( anaram-baovao nampitondraina ny Ministera) Atoa RAKOTOMAVO Bruno.

Ny Ministeran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna sosialy dia nankinina indray amin'Atoa Georges RUPHIN.

......./......

notendrena ho Ministry ny FITSARANA koa Atoa SAMBSON Gilbert. Nbola nampiandraiketina hatrany ny departemantany ireo Ministra hafa isa.

Tsy mambran'ny Fitondrana revolisionera intsony ny CSR Zokiniona taloha Charles RAVOAJANAHARY. Ny Raiamandreny MONJA JAONA IZAO no Doyen ao amin'ny CSR. CSR lasa Ministra Ingahy SAMBSON Gilbert.

Nesorina tsy ho CSR intsony koa i KOTO Robert ary nesorina tamin'Atoa Justin RARIVOSON ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Varotra, izay lasa Ministeran'ny TOEKARENA sy ny INDOSTRIA koa ankehitriny.

Tsy isan'ny mambran'ny Governemanta ihany koa Atoa BEMANANJARA Jean izay nisahana ny MTRT teo aloha. Voatendry ho Direkteran'ny Kabinetra sivily ao amin'ny Prezidansy izy.

Voasintona ho Sekretera jeneralin'ny Prezidansy mandimby toerana an'Atoa BEDO Joseph kosa ny Namantsika Solombavambahoaka DAHY Adrien. Manaporofo izany fa tsy lany olo-manga afaka hampandraisana andraikitra amin'ny fotoana maika hilàna izany ny ANTENIMIEZAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA.

Ireto avy izany ireo mambra hafa sisa tsy voatanisa:

- MINISTRY NY ATITANY: Atoa AMPY Augustin Portos
- MINISTRY NY FIAROVANA: Atoa SIBON Guy
- MINISTRY NY TANORA: Atoa KOUSSAY SAID ALI
- MINISTRY NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA : Atoa RAKOTO Ignace
- MINISTRY NY FAMPIANARANA AMBARATONGA FAHAROA SY NY FANABEAZANA FOTOTRA: Atoa Théophile ANDRIANOELISOA.
- MINISTRY NY MPONINA SY NY FANATSARANA NY FIAINAN'NY MPIARABELONA: Atoa TIANDRAZA Rémi
- MINISTRY NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA: Atoa RAKOTOVAO ANDRIANTIANA
- MINISTRY NY ZAVAKANTO SY NY FANOLOKOLOANA REVOLISIONERA: Rtoa Gisèle RABESAHALA
- MINISTRY NY FAHASALAMANA: Atoa JEAN-JACQUES SERAPHIN

Tsara no anamarihana koa ho fantatsika Solombavambahoaka fa tsy niova olo-mpitondra fotsiny ihany ny MDRRA fa niova anarana entina koa ho MPARA.

---------+++---------

Farany,amin'ny voavao tsara ho fantatra:
Nifamahofaho teto amin'ny fiainan'ny fianakaviamben'ny ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA ny mamy sy ny mangidy.Lalàm-piainana izany.Raisintsika ho zava-dehibe ny fahoriana nianjady tamin'ny taona 1982 izay nandaozan'ny Solombavambahoaka roalahy antsika,mpiara-teo amperin'asa,dia Itompokolahy isany JAOZANDRY Joseph sy RAVONIMANANTSOA Pierre ( samy Olomboafidy AKFM-KDRSM ).

Teo koa ireo mpiara-miasa namoy zanaka sy iray tam-po ary ray aman-dreny.

Mivavaka ho azy ireo isika.Handry amim-piadanana anie ireo lasa nodimandry,ary hahery sy hatanjaka ka hahay hampionon-tena kosa ny velona nianjadiam-pahoriana mavesatra mba hahafahana manohy adidy.

6666666666666666666
666666666666666
66666666666
6666666

BANGA MPITOLONA IRAY MPIARO NY FANDRIAMPAHALEMANA IZAO TONTOLO IZAO TAMIN'NY NAHALASANAN'ITOMPOKOLAHY LEONIDE BREJNEV,SEKRETERA JENERALIN'NY PC SOVIETIKA SADY FILOHAM-PIRENEN'NY URSS.

Ny Filoha Lucien-Xavier Michel Andrianarahinjaka no nitarika ny solontena nitondra ny fiaraha-miorin'ny FITONDRANA REVOLISIONERA tao amin'ny Ambasady sovietika eto amintsika

Ny Jeneraly Edouard RABEONY koa no nitarika ny delegasiona ofisialy nandeha nanatrika ny fandevenana tany Moscou.

-----ooOoo------

Aro Tranokatokana ...

Manokatra pejy vaovao indray izahay, izay kendren'y mba hampahafantarana zava-niavaka tsara ho harihina ho fampahalalam-baovao ho antsika mianakavy.

Hafantoka anin'ny MANDATEHEZANA ny resaka anio, ary mbola hatohizina anin'ny manaraka, raha ilaina.

Iaraharantsika mahalala ny anjara toerana voafaritry ny Lalàmpanorenana mikasika ny MANDATEHEZANA-PIRENENA MIARO NY TOLOM-PIVOTANANA, araka izay hita mazava ay voasoratra:

And. 8.- Ireo olom-pirenena mahatsiaro tena indrindra, entanin'ny tarigetra sosialista sy ny fitiavan-tanindrazana ka mitolona ao anin'ny fikambanana lian-pandndsoana dia mivondrona an-kalalahana ho "Mandatehezan-pirenena miaro ny Revolisiona ".

And.9.- Ny Mandatehezan-pirenena no manentana sy mitarika ny Revolisiona anin'ny ezaka atao hananganana ny SOSIALISMA ary mpanoro làlana ny Fanjakana anin'ny asany.

Vondrona fito no mpikambana ankehitriny ao anin'ny Mandatehezana. Ny MONIMA KA MIVIOMBIO izay niala tamin'ny taona 1976 kanefa niverina indray ao an-bala noho ny antson'ny Filoha Mpitari-tolona Didier RATSIRAKA no nahatonga ny"fito isa masina" izay irariana sy antenaina fa tsy hitondra aizim-pito ao anin'ny fampanjariana ny Tolona.

Nampiteraka sahoan-dresaka sy fanontaniana maro be ny anin'ny fiverenan'Ingahy MONJA JAONA indray.Ohatra: "Manana aina sy hery marina ho afaka hiantoka ny fiarovana ny Revolisiona ve ny Mandatehezana ao ampahitana ny mambra ao aniny afaka mivoaka sy miditra araka ny nahim-pony sy izay tiany ?Misy fifanpifehezana ihany ve ao no dia manaiky lambenana ifahatany ny Filohan'ny Mandatehezana, itenenan-dratsy sy aratsiana aty ivelany maloha io Mandatehezana io dia iverenana indray rehefa mahamanimanina ?Izay afaka mitrerona sy manabe feo mantsy, hoy ireo mpandinika dia mibarareoka etsy sy eroa. Ny mainka koa aza manao avo vava rehefa ao anatiny"....

Indro onenay ny fanadihadiana natao teo am-piatrehana ny fifidianana:

FAMINTINANA MOMBA NY POLITIKAN'NY MANDATEHEZAM-PIRENENA MIARO NY TOLOM-PIAVOTANA, TALOHA SY TAORIANAN'NY FIFIDIANANA NY PREZIDAN'NY REPOBLIKA

---------oOo---------

Marina tsy azo kianina ny tenin'ny Prezidàn'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka fa nahitan-taary maro ary azo nanatsoahana lesona iny fifidianana manan-tantara loatra teto amin'ny Nosy iny.

Tarihina hitodika ny fiainan'ny Mandatehezana isika fa mba anisan'ny nanao fanadihadiana sy famintinana ankapobeny izahay ato amin'ny Akon'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka.

Ilaina loatra izany mba hisaintsainan'ny besinimaro, satria olon'ny Vondrona revolisionera avokoa ny Solombavambahoaka mambra ato amin'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka ary ny Vondrona revolisionera misy ankehitriny izay samy manaiky ny Lalàmpanorenana sy ny Boky Mena ary ny fisian'ny Repoblika Demokratika malagasy sy ny Kamarady RATSIRAKA ho filohany no niara-nampijoro ho hery fiarovana ny Tolom-piavotana ny Mandatehezam-pirenena.

Misy vondrona fito izy ireo, kanefa samy niseho tamin'ny naha-izy ihany koa izy rehetra ireo rehefa tonga ny fotoam-fifidianana izay ho Filoham-pirenena vaovao.

Ny AREMA, izay ny Kamarady Didier RATSIRAKA no Sekretera Jeneraliny, dia nihevitra fa tompon-draharaha mivantana amin'ny fifidianana. Antony mazava : nanolotra kandidà hifanana izy. Niasa nanenika an'Imadagasikara manontolo ny mpitolona ao aminy sy ny mpikambana manontolo nisalotra akanjo jaky mena, sady nibaby no nitrotro ny sarin'ny Filoha RATSIRAKA.

" TOLOM-PIAVOTANA : TSY MAINTSY MANDRESY", hoy ny hiakan'izy rehetra tamin-po nafana .

"BOKY MENA : EKENA ! "
7 NOVEMBRE : RATSIRAKA IHANY ! "
MANDATEHEZANA : TSY MAINTSY MIRAY" !

Hiakam-paniriana ihany ve izany ? Ny AKFM-KDRSM, raha nanao ny fivorian'ny Komity Foibeny, ka niresaka tamin'ny Mpanao Gazety, dia nampanakoako ny feony fa hanohana tsy misy fepetra ny Kandidà RATSIRAKA ho amin'ny fanohizana sy ho fanatanterahana ny Dinan'ny Revolisiona Sosialista malagasy.

Antoko tompon'andraikitra niaraka tamin'ny Filoha RATSIRAKA ny AKFM, hoy ny Filohany, ka mbola hifanampy aminy ho

.../...

fampandresena ny tolona hanepotehana ny asa ratsin'ny Imperialista sy ny forongony, ny asa maimin'ny Sionista sy ny Rasista ary ny mpanam-bohitra manao ambolotra aty amin'ny kontinanta miavo-tena sy an-dalam-pandrosoana aty Afrika miampy ny any anin'ny faritr'i Amerika latina

Andrianan'ny AKFM koatra ilay fanambaran'ny Filoha RATSIRAKA hoe "raha mbola misy firenena voageja eo anbany vahohon'ny Kolonialista sy tsy misina ny Fahalalahana sy ny Fahafahana dia mbola mihevitena koa tsy afaka Imadagasikara. Izany no mbola anandratan'ity Antoko ity avo ny feony mba HO TONGA ANIE NY FAHAFAHANA.

Ny Seminera ioubonan'ny Mpiara-mitolona UDECMA-KMTP koa dia nanapa-kevitra hanohana an-dRatsiraka, satria hono izy no hany Filohan-pirenena misy sy mitondra teto Madagasikara ka nanaiky ny fiaraha-miasa tamin'ny Antoko Demokraty Kristiana malagasy. Izy no hany afaka nanatanteraka ny fampivondronana ny hery ankavia tao anatin'ny Mandatehezana.

Nitarika ny nanany sy ny Vahoaka hifidy an-dRatsiraka ny MFM-MFT satria, hoy ny mpitarika azy araka ny nanoratany ny Mpanao Gazety, tsy maintsy masi-mandidy ny Vahoaka malagasy eto anin'ny taniny.

Tsy maintsy masi-mandidy koa ny Mpikarama madinika sy ny Mpiasa tany.

Nomarihiny mazava ny azy fa tsy mifidy AREMA velivoly ny MFM-MFT. Samy hafa aminay hoy ny zareo, ny fisian'ny AREMA eo anatrehanay sy ny fisian'ny MFM miara-miasa tamin-dRatsiraka ka nampiaradia anay sy miarahanay tao anaty Mandatehezana.

Ary amin'ny Vondron-bahoaka itsinjaran-pahefana sy any amin'ny Antenimierampirenena Fntin-bahoaka no hivonomandry zareo fatratra fa hifantohan'ny Tolony amin'ny ho avy.

Manolotra ny kandidà RATSIRAKA sady manohana ny filatsahany hofidina indray hitondra mandritra ny fito taona vaovao ny VONJY-IRAY TSY MIVAKY.

Na dia teo aza ny tsy fitovian-kevitry ny sasany, hoy ny Filoha nasionaly mpitarika ny vondrona, dia mazava ny lalan-kendrena, dia ny lalam-pandrosena hodiavin'ny Vahoaka malagasy manantena fahombiazan'ny Tolon-piavotana.

Ny Seminera nasionalin'ny Komity Foiben'ity Vondrona ity dia manipika manokana fa tsy kilalao ka azo anaovana kitoatoa na tsobo-dranon-dRaniangaly ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena; Taratry ny Firenena manontolo ny famirapiratana sy ny fahendrena ary ny fahamendrenan'ny Filoham-panjakana na Filoham-pirenena iray.

.../...

Tsangan-kevitra tafonja izay voarakitra ao anaty Boky Mena sy ireo didy aman-dalàna maro novolavolaina sy nankatoavina mba hametrahana ny rafitra sy hampandavorariana ny Tetikasa.

Fanohizana mitaky fanovana sy fanatsarana ary fampivoarana ny fiainam-bahoaka sy ny fiainam-pitondrana politika no naroson'ity Vondrona ity raharaka amin'ny fanohanany an-dRatsiraka Tsy mitera-bokatsoa loatra mantsy, hoy ny Filohan'ity Vondrona ity, ny fanatsikerana sy fifamalihana andraikitra kanefa sany mpiaramiasa ao amin'ny Fitondrana sy ao amin'ny Mandatehezana.

Fepetra valo no naroso hoenti-mikatsaka marimaritra iraisana eo amin'izay ozaka ho fampivoarana sy ho fanovana ny tsy mety izany.

Nanampy ireo Vondrona revolisionera diny ireo noa ny ampahany amin'ny VS MONIMA iadidian'Atoa isany Tsihozony Maharanga sy Razafindrabe André ary Tovonaiko Arnault, izay narihina fa efa niendaka elabe tamin'ny tarik'Atoa REMANINDRY noho ny tsy fitoviampijery sy ny tsy fitoviana ara-potokevitra ary ny tsy fitovian'ny tononkira sy ny feon-dokanga rehefa tonga tokoa ny tokoa tamin'izao fifidianana izao.

## MIVAKY KOA VE IZANY NY MANDATEHEZANA KA METY TSY HO AZO ANTOKO NY FIAROVANA SY NY FAMPANJARIANA NY REVOLISIONA

Izany koa no fanontaniana mivoitra teny an-dranarahambaovao teny, raha nivoaka ny fanapah-kevitry ny MONIMA KA MIVIOMBIO nasionaly tany Toliary sy ny Fivorian'ny Komity Foibe teny Faravohitra.

Olom-pirenena manan-jo aho, hoy MONJA JAONA. Tia Tanindrazana mahatsapa ny fahorian-bahoaka koa ka hilatsaka ho kandidà amin'ny fifidianana Prezidàn'ny Repoblika. Hanala olana ny fahoriana sy ny fimenomenonam-bahoaka aho.

Hanohana an'Ingahy MONJA kosa izahay, hoy ny VS MONIMA, satria tsy tompon'andraikitra amin'ny problema miseho sy mianjady ankehitriny eto amin'ny Firenena sy ny Vahoaka.

Ho fanoherana koa ny fomba fitatanan'ny AREMA ny raharaham-pirenena koa no antony faharoa nanohanan'ny VS MONIMA an'Imadagasikara.

Izany sy izany no azonny amintinana ny fanaovana indray mihelaza ny zava-misy naterak'ny fifidianana iny.

Tsy hilaza ny hevitray manokana ara-politika izahay sady tsy mitsara na manankiolka fotokevitr'iza na iza ihany koa.

Isika samy isika no adina hanatsoaka izay tiantsika hotsoahina avy amin'ireo safidy samy manana ny hanitra ho azy ireo.

.../...

Mahagaga anay fotsiny koa ny fanamarihan'ireo tsy mpomba an-dRatsiraka sy mpanakiana ny fiaraha-miasa hatramin'izay tao amin'ny Fitondrana revolisionera fa mbola maniry ny hijanona ho Antoko ara-dalàna ao amin'ny Mandatehezam-arekoa izy ireo... :

Manana andraikitra lehibe ihany eo amin'ny fitantanana ny raharam-pirenena ny Mandatehezana, hoy ny VS MONIMA

An'ny Vahoaka koa ny Mandatehezana, hoy ny MONIMA KA MIVIOMBIO, ka raha roahina ny MONIMA dia miala rehefa tsy lany.

Hoy ny ohabolana betsileo tatsimo izay, ny havana : "Rehefa be ny olona be koa ny raha hita". Antsika izay izay fa tena nahazondana.

------000000------

Fa maro koa ny fitsidihana nataon'ny iraky ny ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA tamin'ny taona 1982 sy ny fandraisam-bahiny nataony teto amin'ny Lapan'i TSIMBAZAZA.

Mbola hanokanantsika pejy manokana ny fandravonana azy ireny amin'ny Laharana manaraka.

Fampahalalana anareo ny nivahinianan'ny Solombavambahoaka indoneziana teto Madagasikara ny vaovaom-pifandraisantsika tamin'ny any ivelany koa no vaovaom-pifandraisantsika tamin'ny any ivekosa no vaovaom-pifandraisantsika

Ilaina dia ilaina ny hahalalantsika izay

nisy sy niseho :

SOLONTENAN'NY PARLEMANTA INDONEZIA FITO MIRAHALAHY
NIANTSENA TAO TSIMBAZAZA

Ho fanatanterahana ny fitsidihana ofisialy nataon'ny Solontenan'ny APEB teny Djakarta, izay notarihin'ny Filoha L-X-M. ANDRIANARAHINJAKA, dia tonga nitsidika teto Antananarivo koa ny delegasiona parlemantera indoneziana izay misy mambra fito, ary notarihin'ny Vis-Presidàn'ny Parlemanta any aminy, Atoa ISNAENI. Nanomboka ny Ata-lata 24 Novambra izany fitsidihana ofisialy izany ka nifarana ny Asabotsy 28 Novambra 1981.

Tonga nitsena ireto Vahiny teny Ivato, ny mambran'ny Birao Maharitra sy ny ao amin'ny kabinetran'ny Filohan'ny APEB notarihan'ny Filoha-lefitra Sekretera RANDRIANANJA Charles sy Ramatoa vadiny.

Lava ny kabary satria 29 ora nisidinana teny ambony habakabaka izahay, hoy Atoa ISNAENI, raha nanao fanambarana voalohany nandeho ny fihaonam-pony izy. Na dia lavitra aza anefa ny elanelan-tany, hoy indray izy, dia toa misinda izany satria Fianakaviana toa izay nifankahalala any an-toerana no tonga nitsena sy nandray anay tamin-pitiavana ( Misy fanolorana vonikazo ho an'ny filohan'ny delegasiona mivady teo an-toerana).

Tao Tsimbazaza : Fitsidihana ara-pomba fifanajana

Ny tolakandro nahatongavan'ny Vahiny dia rafitra ny fanatanterahana ny fandaharana nataon'ny Birao Maharitra sy ny Ambasady Indoneziana eto amin'ny firenena mba hoentin-manana izao fivahiniana ofisialy izao, satria fohy ny fotoana azony ijanonana noho ny didim-pitondrana ity delegasiona ity tsy maintsy hotohizany any an-kafa aorian'izao.

Endrika-fa'y sy mirana manaporofo ny fifankahazoana am-pon'ny mpiraha'ahy no nihaonan'ireto fi'oha roa'ahy, satria tsiahivina eto ihany koa moa fa vao avy nitsidika ny amin'ny Repoblikan'i INDONEZIA koa, tsy e'a ekory izay, ny se'ontenan'-Antenimierampirenena entim-ba'oaka ma'agasy. Ho fama'iana izany izao fahatongavan'ireto Vahiny manan-kaja avy 'avitra ireto izao

Rehefa vita ny fifampiarahabana nifanaovan'ny andaniny sy ny anki'any, dia roso tamin'ny dinika fifanaka'ozam-baovao ny resaka. Tonga eto amin'ny Lapan'ny Par'emantanay izanareo izao, hoy ny Fi'oha ANDRIANARAHINJAKA izay Lapa i'orian'ny Solombavambahoaka handinihana manonto'o ireo diay aman-da'àna samihafa hitondrana ny Tany sy ny Fanjakana, ka antenaina fa mbo'a hisy ny fotoana hifanatrehanareo tava amin'ny Par'emanteranay sy hanaovantsika fiaraha-midinika.asa. Na izany aza anefa, nampahafantarin'ny Fi'oha ANDRIANARAHINJAKA tamin'ny ambangovangony izay tsara ho fantatra fomba ny Lapan'i Tsimbazaza sy ny fomba fiasa ao.

Nomarihin'Atoa ISMAIL kosa, raha nandray fitenenenana izy, fa e'a no nandranesany ara-tantara ity Nosy 'ehibem'i Madagasikara ity. E'a koa no [illegible] hahita maso azy. Akory anefa ny hafa'iako, hoy izy, fa to izy ankehitriny. Koa amafisimay mambran'ny de'egasiona etoana ny fikendrenay hanatevina sy hanitatra bebe kokoa ny fifankatiavan'ny-samy O'omafidy sy ny fifanaka'ozana ary fifandraisan'ny Par'emantatsika roa-tonta. Ahoana moa no tsy hahatanterahana izany. Ny tantara sy 'ovan-tsofina koa dia nanaritra mazava fa misy ny maha-isika antsika ara-pihavanana izay porofoin'ny fitovitoviana'ny vo'onkoditra sy ny fomba amam-panao ary ny maro hafa; ary rehefa mitombo ny fifandraisana sy ny fifanka'a'ana amin'ny a'atan'ny Gazety sy ny boky dia tsy hipetraka ombieny ombieny intsony eo amin'ny vahoakan'ny Firenentsika roa tonta ny fanontaniana. I'aina dia i'aina-mikitsy koa aza, hoy izy, ny hitaran'ny fifanaka'ozana amin'ny 'afiny maro.

Zava-dehibe tokoa eo amin'ny Firenena roa toa ny antsika izay mifandray ny fanatevenana ny fihavanana ara-tsiay hatramin'izay fifandraisana ara-diplomatika izay, hoy koa ny Fitoha ANDRIANARAHINJAKA. Tsapa tokoa fa tsy ampy ny fifanakalozana ambasadaoro, satria ambaradohana ambonimbony ara-pitondrana io, fa izay hahazoan'ny Vahoakantsika mifankafantatra ara-tsivilizasiona sy ara-pandrosoana no tena goavena. Fiandohana, hoy izy, ary tokona hotohy hatrany ny fitsidihan'ny Solombavambahoaka indoneziana eto Antananarivo izao. Mamafy ny fanasanay ianareo, hoy ihany ny Fitohan'ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, satria eo izay ohabolana malagasy hoe: " ny fitia mifamaly mahatsara fihavanana", ary ny fitia koa tsy mahatavi-tany.

Fiarahana mafinika tamin ny sambran'ny birao Maharitry ny Antenimiera malagasy sy fizahana ny atitrano manontolon'ny Lapa eo Tsimbazaza no nanaranana izao fihaonana voalohany izao. Nisy koa fanotorana nari pahatsiarevana avy tamin'ny fitohan'ny delegasiona indoneziana ho amin'ny Fitohan'ny Antenimierampirenena entim-bahoaka. Tsy inona izany fa sary sokitra izay mampifanakaiky ihany koa ny aran-tanana indoneziana amin'ny asan-tanantsika.

-Niara-dia amin'ireto Vahiny ireto koa Ramatoa ISNAENI vadin'ny Fitohan'ny delegasiona. Nitsidika ara-pomba fifanajana an-dRtoa Céleestine ANDRIANARAHINJAKA, eny Faravohitra, koa izy.

<u>Fihaonana tamin'ny Mpitondra vitsivitsy : Raharaham-bahiny Faritany, Fivondronana Antananarivo Renivohitra.</u>

Teo aorianan'ny fihaonana voalohany tao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza, ny Talata tamin'ny 4 Ora no namangiana ny Fitohan'ny Diplomasia malagasy, Atoa CHRISTIAN REMI Richard, teny amin'ny Foiben'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, eo Anosy.

Ny teo-draharaha iraisam-pirenena maro sy izay ifandraisan'ireo Tany nanamorona na nigatabona ao anivon'ny RANOMASIMBE INDIANA sy ny amin'i INDONESIA sy MADAGASIKARA manokana no vontoatin'ny dinika nifanaovana. Maro tamin'ny resaka nanaovana topimaso no niombonan ny roa tonta hevitra anisan'ireny ny amin'ny tokony hihetsehana na hamaritana ho faritry ny fandriampahalemana an'i OSEANA INDIANA.

Teny Avaratr'Ambohitsaina : fanehoam-panajana ireo Maherifon'ny Firenena

Araka ny fomba fanao mahazatra isaky ny misy Vahiny tonga ka Vahiny ambony manan-kaja avy amin'ny Tany sy Firenena sakaiza dia noraâketin'ny Fitondrana revolisionera ho fomba fanao arapanjakana ho amin'ny fomba ofisialy tena be voninahitra koa ny fametraham-bonikazo eny amin'ny Mausolée national.

Nanatanteraka izany vao maraina n'ny Alarobia ny delegasiona indoneziana ka niondrika tamim-panajana fano teo anoloan'ny fasan'ny Maherifo malagasy.

Niara-dia tamin'ireto Vahiny ny Fitoha-lefitra isany ao amin'ny APEB : RANDRIANANJA Charles, ZAKARIASY Albert, BEZANDRY Christophe notronin'ny Talen'ny Kabenetra Janvier Ignace.

Tanàna be mponina sady manahirana i Djakarta, renivohitr' i INDONEZIA toa an'ANTANANARIVON'IMADAGASIKARA

Nifandimby nandray ireto Vahiny ny Alarobia 25 Novambra 1981, tamin'ny 9 sy tamin'ny 10 ora ny Fitohan'ny Komity Mpanatanteraka ny Faritanin'Antananarivo, tao Ambohidahy ny Fivondronampokontanin'Antananarivo Renivohitra, tao Tsimbazaza.

Na-ny Prezidà RAKOTOARIVELO Janah, na ny Dokotera RANDRIANANJA Charles dia samy nanantitrantritra ara-tantara fa maro no mampifandray an'i Madagasikara sy Indonezia ara-pomba amam-panao ara-pitenenana, ny fitovitovian'ny bika aman'endrika ny volon-koditra,ny asan-tanana sy ny maro hafa. Nanaitra ireto Vahiny izany ka reso ny fampitahana sy ny famadibadihana tahirin'ny Rakitry ny ela.

- Vahoaka mahery mihinam-bary ny Vahoaka malagasy, sady mpamboly vontom-pinoana sy be risipo, saingy mihakely hery izy, satria tsy ampy vola amam-pitaovana ny Tantsaha mpamokatra maro an'isa.

.../...

Nasongadin'Atoa Rakotoarive'o Jonah teo am-panohizana ny teniny - fa tsy kamo ve'ive'y ny mpambo'y fa ny tsy fahampian'ny zezika i'a-na sy ny fivadibadihan'ny toetr andro no tena mamorika be indrindra.

Tena foto-tsakafonay koa ny vary, hoy Atoa ISNAENI, ary ambo'enay toa izay misy aty aminareo koa ny katsaka sy ny voanjo.

Raha misy ny fifano'orana mari-pahatsiarovana fanao amin'ny fifampitsidihana toa izao, dia zendana ny Indoaeziana amin'ny sary asan-tanana atao sokitra fa tsy ambaka ve'ive'y isika Ma'agasy.

Maro koa ny hazoa'a fanaovana fanaka, itovitovizana ny fananana azy raha nototonan'ny Fi'ohan'ny Faritany ny tehim-pohy mangakaben'ny tany ny Vahiny. Nampdobokafa'iana azy fatratra koa ny 'amba fitafy vita tenona tsara, tena madinika, avy amin'ny 'andy eto Madagasikara. Santionan'ny zava-bita amin'ny asan-tànan'-ny vehivahy ma'agasy.

Teo an-piresahana indrindra ny 'afim-piainam-behoaka sy ny 'afiny fampandrosoana isan-taranjany no nipoiran'ny faniriam' Atoa ISNAENI higanampy amin'ny fifanakatonana tekinikam-pamokarana mahomby, raha i'aina izany.

Mbe manana fahasahiranana sy ki'enam-pitantana ary veto misakana maro toa anareo ihany hoy izy, satria samy mbo'a eo an-da'am-pandrosoana mito'ona isika; kanefa ny fifanampiana sy fifano'oran-kevitra mahasoa no ahombiazan'ny Tany mbo'a mihoitra.

Lehibe dia lehibe koa i DJAKARTA renivohitray, hoy izy, raha ampitahiana amin-ANTANANARIVO izay azo 'azaina ho ny antsa-manodidina sy ive'any 'avitra no hafarana ny sakafo sy ny fana-tsiana noho ny tsy fahazoana mambo'y intsony. Lasan'ny-fanorenanana avokoa ny tany ao an-drenivohitra. Olana roa, o'ana te'o izany.

Nosy lehibe indrindra amin'ireo Nosy maromaro ao amin'ny Oseana Indiana koa izy sady be mponina. Izy no Firenena fahaairy sy nifano'oso'o ara-pitondrana ny Dokotera RANDRIANANJA Charles.

...trany no efa nanokanana an'Antananarivo ho foibem-pitondrana, ...ny izy, fa tsy-tongatonga ho azy taty amin'ny fotoam-pitondran'ny ...anjakanany velively.

Nasehoan ireto Vahiny ny endri-trano vaovao hoenti-...fenorenana ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo, izay nola-...ana ny Fitohan'ny Komity Mpanatanteraka ny Fivondronan'Antananarivo ...in'ny Fitohan'ny ... mandritra ny fikoam-bahoaka ho fitakiana ny ...ivohitra fa tsy ... ...vaozam-pitondrana.

Teny Mandrosoa Ivato : fandraisana sy fanasana ho fanehoam-pirahalahiana sy fifankatiavana

Fanasana tehibe nomanin'ny Ambasadaoron'i Indonezia sy ... SOEDJODIONO PRABOWO tao amin'ny trano fonenany no namaranana ... tapa-potoana maraina tamin'ny programan'ny Alarobia 25 Novambra 1981.

Oto-marobe manan-kaja sy diplaomaty miasa eto amintsika ... tonga nanoina ny antso ka tonga nanome voninahitra ny fanomana ... fiarahana-miara hetaheta tamin'ireo Parlemantera indoneziana.

Nanatrika izao fanasana izao koa ny Fitoha LXX Andriana-...mainjaka mivady ary ireo Solombavambahoaka malagasy mambran'ny ...malagasiora efa nandeha nitsidika tany Djakarta.

Liana tanteraka tamin'ny Indostria famoovan-taratasin'ny PAPETERIE DE MADAGASCAR

Ny tolakandro tamin'ny 3 ora kosa indray no nitsidikany ny Orinasa PAPMAD eny Ambohimanambola.

Maro-dia maro dia maro ny karazam-panontaniana nisokirana ...ratra ny Tale jeneraly-lefitry ny Orinasa sy ny Tekaisiana mpiara-...miasa mba hahafantarana ny toetoetry ny rafitra, ny fitondrana sy ... fitantanana / na ara-bola-iasan'ny Ozinina, ny toharano nahazoana ...ny mitina rehetra ao, ny toharanon'ny akoran-javatra sy izay pro-...blema mipetraka momba izany sy ny aisa.

.../...

Tsapa teo am-pitakisana ny tokony hizahana manontolo ny fampamokarana, niainga avy any amin'ny akora ka hatrany amin'ny fahavitan'ny karazan-taratasy fa ny hitsikitsika tsy mandihy foana-fa ao raha... ao ny mahatarika sy mahamay. Nanambara anefa ny Filohan'ny delegasiona fa poizina marono vetivety ny Orinasa tehibe toa izao PAPMAD izao ny tsy fahavononan'ny akoran-javatra manana ambiampy, ny tsy fisian'ny velarantany goavana hisahanana fambolen-kazo tena ilaina toa ny "pinus" sy ny "eucalyptus" ary ny hafa azo amokarana "pâte à papier". Koa-raha hababfa-dava-izay ilaina ny ezinina, hoy izy, dia mety hitsilopilopy sy ho velon-dratsy tsy dia hankaiza loatra ny tombom-barotra sy ny tombom-bokatra avoakany.

Ny any am-po tsy mitsaka moa tsy hay fa ny fahalianany notaroin'adihevitra tamin'ny tompon'andraikitra no nahatarika saina hametrahana koa tsetsatsetra tsy aritra manokana raha teny Ambohimanambola.

Nitarika ny Vahiny nandritr'izao fitsidihana izao koa ny Questeur RANTOANINA Albert sy ny Tale jeneraly lefitry ny PAPMAD

- Hatany teo am-panatantarahana ny asany rahateo moa ny mpiasa lahy sy Vavy, ao amin'ity toeram-panaovan-taozavatra ity ka navadibadik'izy ireo fatratra ny karazam-bokatra vita, toa ny taratasy fampiasa amin'ny birao (-velin, duplicateur, valopy, ets... ny taratasy famonosan'entana(emballage, carton,sns...), ny karazan-kahie sy carnet ary manifold.

Nambaran'ny tompon'andraikitra fa saiky ny PAPMAD avokoa no mianteka ny taratasy rehetra ilaina sy ampiasaina eto an-toerana ao anatin'izany koa ireo taratasy antsoina hoe " papier journal" anaovan-gazety eto Madagasikara.

<u>Nizaha tany vitsivitsy teto koa ny zareo Indoneziana</u>

...../.....

Notarihina nitsiḍika ny Rovan'i Manjakamiadana sy Ambohimanga irato Vahiny.

Mbola ny Prezida-lefitra RANDRIANANJA Charles sy nyanatanan'ny Ministeran'ny Fanolokoloana sy ny Zavakanto revolisionera no nanome fanazavana raha niditra tao amin'ny tranon'Andrianampoinimerina sy ny an'ireo Mpankavavy ny Vahiny. Zendana izy ireo nahita ny karazan-piravaka lafo vidy mbola voatahiry ao amin'ny Rova.

- Tany Toamasina sy Fenoarivo Atsinanana, notsidihiny ny Orinasa lehibe sasantsasany sy toerana fambolena "letchis" sy jirofo.

Nifampikasokasoka nivantana ny Vahoaka ry zareo, na taiza na taiza natehany. Somary mahatsikaiky aza indraindray ny fahitana mitovitovy sendra nifanena tampoka. Gaga sy taitra, na ny Malagasy, na ny Vahiny. Ny fitenenana tsy itoviana no ifandresen-dahatra Dia samy mihomehy sy mifamihina amin-pitiavana tokoa.

Sahatra naro no nahatsikaritana izany, indrindra indrindra fa teo amin-dry zareo Vehivavy samy vehivavy nandeha niantsena tany Analakely .

DINIK'ASA SY FIFAMPARAHÄZAN-BAOVAO NIARAHANA

TAMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA MALAGASY.

---

Andro fahatelo amin'ny fotoam-pivahinianan'ny delegasiona parlemanta Indoneziana tarihin'Andriamatoa ISNAENI teto tamin'ny tamin' R.D.M. ny alakamisy 26 Novambra, ary andro fihaonana faharoa niantranoany kosa tao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza.

Fiverisana fiarahana-midinik'asa nifanatrehin'ireto Vahiny tamin'ny Solombavambahoaka Malagasy ary no natao ny tapak'andro maraina tontolo, nanomboka tamin'ny 9 ora.

Nifampiarahaba isika, hoy ny Filoha LXM ANDRIANARAHINJAKA, satria tafahoana ny tia sy ny namana. Hiara-mitafa koa, satria ela no niandrasan' ireto olomboafidy mpiara-miasa aminko ato amin'ny Antenimierampirenena Entim-bahoaka anareo hatramin'izay andro vitsivitsy nahatongavanareo izay. Ekena, hoy ihany ny Filohan'ny Antenimierampirenena malagasy, fa efa nisy fivahinianan'ny irakay tany Indonezia taloha-n'izao nahatongavanareo izao. Ekena koa fa efa nanao tatitra ny anton-diany izy dimy nirahalahy iraka nalefa tany Djakarta; kanefa tonga soa aman-tsara eto anivonay moa ianareo havana avy lavitra ka mahaka hihanatevina ny fahelalom-baovao ho an'ny Solombavambahoakanay.

Sitraka sy telina ny teny many nentinao ho fandraisana anay sady ho fisantarana mahateo ny fiaraha-midinik'asantsika, hoy kosa Atoa ISNAENI, mpitarika ny delegasiona indoneziana; ary raisinay ho vain-dohan-draharaha tena hitana ny saina tokoa izay mety ho zava-baovao sy tena-kevitra qtenaky ny fiaraha-midinika mba hanatevenanay izay kely efa fantatra momba an'i Madagasikara fa indrindra indrindra ho tsiona vaovao hanentanana ny fifampiana, ny fihavanana, ny fiaraha-miasa ary ny fifanakalozan'ny Prafesantentsika roa tonta. Eny, hoy izy, mba ho santatry ny be mbola ho avy ny fifampitsidihana ofisialy voalohany izay efa tontosa tamin'ity taona 1981 ity ka mba hiroborobo hatrany ny fifankatiavana.

Narihina fa nifandimby nitondra teny tamin'ny anaran'ny solontena malagasy, nanao fanelabelarana fohy avy mikasika ny REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY ny Filoha lefitra isany RANDRIANANJA Charles sy ZAKARIASY Albert ary ny Questeur RANTOANINA Albert.

Nampahafantarina ireto vahiny koa ny hajan'ny FOKONOLONA teo amin'ny Vahoaka izay nanome hasina ny fiaraha-monina anjakan'ny fifanampiana sy ny firaisankina ka tsy hita taratra ny fifanambakana sy ny fitsitokotokoana. Nanontsanan'ny Mpanjanatany anefa izany herim-piraisankina izany rehefa nozanahin'ny Kolonialista Frantsay i Madagasikara. Nitranga sehatra tamin'izay ny zarazarao hanjakana. Noho ny fahatsiarovan-tena sy ny hetahetam-pahafahan'ny vahoaka malagasy anefa dia niatomboka tamin'ny taona 1895 ny fitakiana ny famerenana ny fiandrianam-pirenena sy ny Fahaleovantena. Niatrika ny Tolom-piavotam-pirenena ho fanongorana ny rafitra sy ny fanasiam-potetsin'ny Kolonialista ankehitriny i Madagasikara eo ambany fitarihin'ny Filoha Mpitari-tolona Malagasy Didier RATSIRAKA. Feno enin-taona izao ny Revolisiona Sosialiste Malagasy.

.../...

Tsy misy fifanalavirany firy amin'izay fitondram-bahoaka any Indonezia sy ny ankapoben'ny fitantanana ny REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY, hoy ny fanazavana nomen'ny Vahiny raha niteny fohy dia fohy ny tamin'ny Solombavambahoaka malagasy ny Filohany. Misy koa ny fitondram-pokonolona any aminay, hoy izy, ary manaja ny Razana toa anareo koa izahay, manana ny finoanay izay ifikiranay tsy ataonay ambanin-javatra.

Raha nitsangana koa ny Solombavambahoaka izay solontena miaramila ao amin'ny Antenimiera dia nohazavainy fa - manana ny anjara toerany tokoa ao anivo'ny Vahoaka tokoa ny Tafika indoneziana. Tsy mba herim-pamoretana izy fa miandraikitra ny fampitandroana ny fandriampahalemana. Nohariny amin'ny trondro sy rano ny Vahoaka sy ny miaramila ka miara-mientana sy mifanohana ary mifanindran-dàlana hatrany raha sendra tonga ny patsa iray tsy omby vava. An'ny Indoneziana i Indonezia, hoy izy, fa tsy natao hifankahala na hifampiandry kendry tohina ny Vahoaka sy ny tafika.

Manao Revolisiona toa anareo koa i Indonezia, hoy indray ny mpandahatra, saingy ny fotoana nanaovana azy ny ny fomba fipetrany no tsy mitovy. Nanomboka tamin'ny 17 Aogostra 1945 ny REVOLISION INDONEZIANA raha nanohitra ny fanjanahantany anglisy sy holandey. Fiadiana tsotra toa ny baranata sy famaky no mba nentiny niatrik'ady ho fiarovan-tena tamin'izany fotoana izany.

Tamin'ny alalan'ny Tolon'ny-Tanora izay nanao fianianana fa hanosika ny Mpanjanatany amin'ny alalan'ny fanaingana Tolom-pahafahana no nifohazan'ny Vahoaka manontolo hiatrika ny Revolisiona indoneziana.

Hatrany amin'ny taona 1928 no niantomboka ny Tolona. Natakiana ny hametrahana an'i INDONESIA ho Firenena tokana, tsy zarazaraina, mahaleotena, hanana ny fiandrianany tanteraka. INDONESIA ho an'ny INDONESIANA hanana Vahoaka tokana, fiteny iray iombonana, fanevam-pirenena tokana koa.

Raha namintina ny resany ilay Solombavambahoaka niarahina dia nambarany fa avy tamin'ny fandresena sy ny fahazoana ny Fahaleovantena no nampiteraka ny Tafi-bahoaka indoneziana. Mba hitaomana ny Vahoaka hanonjan-tsandry sy hitomban-dahy ary hiaraka hanilika ny rafitra lany andro sy hanongotra ny toetsaiman-panjanahana no nampisy ny REVOLISIONA INDONEZIANA.

Nihoitra izahay, hoy ny mpandahatra. Na tsy tena afa-po aza dia afaka milaza fa mba mandeha ny raharaha, satria izay tsy miezaka tsy tafita.

Teo am-pamaranana ny dinik'aza, nisy fampitahana ny fiteny indoneziana sy malagasy. Izay mitovitovy ihany no noraisinay an-tsoratra; ary ny fomba fanononandry zareo azy no anoratanay azy koa mba ho mora amintsika Mpamaky hajaina, ny fahazoana azy. Toy izao manaraka izao izany :

dimy = lima
telo = telou
fito = pitou
valo = oualou
roapolo = doualoupoulou
volo = oula
molotra = moulot ( o = o frantsay, tononina ny "t" farany)
lela = lila
tanana = tagnan ( tononina ny "n" farany )

..../...

Alakamisy = Kamis ( tononina ny "S" farany )

Zoma = Djoumà

Talata = Salasa

Vary = Pari

Rano = ranou

Santionany fotsiny ihany ireo.

Mikasika ny sainam-pirenena indray, manazava ny Fitoha miaraparahinjaka fa toa ohatry ny nifanojo no nifampindrana saina ohatry ny fitoviany tanteraka ny INDONEZIANA sy isika Malagasy.

Fony faha - FANJAKANA MALAGASY madio dia MENA sy FOTSY ny ainantsika teto MADAGASIKARA. Rehefa niditra ka nanjakazaka teto ny Frantsay, dia nasosony ny loko manga ka nahatonga ny Saina nihofa hofa teto ho ny manga, fotsy, mena".

Torak'izany koa ny zareo Indoneziana, rehefa nozanahin'ny Holandey, dia nasosoka koa ny loko manga loko-telo soratra ny faneva nahofahofa nanerana an'i Indonezia manontolo.

Rehefa samy niverina ny Fahaleovantena, norovitina mora foana ilay loko manga dia najanona ho MENA sy FOTSY ny an-dry zareo Nampiana maintso koa ny antsika Malagasy, dia ny maintso fanantenana. Manantena hiarina, hivoatra, handroso ary tsy hiankindoha fa tena hahaleotena tanteraka.

ILAINA NY FIFANAKALOZANA
ARA-TEKNOLOJIA AMIN'NY TANY
ANDALAM-PANDROSOANA

Isan'ireo tompon'andraikitra ara-pitondrana nandray ireo vahiny parlemantera indoneziana koa, tamin'ny Alatsinainy hariva, ny Ministry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny fanavaozana ny fizakan-tany.

Faly mifampidinika amin'ny havana tonga tsy mahalavi-tany izay sady mpiray donak'afo ao amin ny Vondron'ny tany tsy baikoin'ny atsy na ny aroa izahay, hoy atoa Simon Pierre, no faly maneho ny firaisam-po tanteraka amin'ny Vahoaka indoneziana izay voalaza ara-tantara, fa toy ny zanak'olo-mianadahy amin'ny Malagasy ihany koa.

Fantatray tokoa ny ezaka ara-pamokarana mampalaza an'i Indonezia, hoy ny Ministra, satria efa maromaro ihany ireo Teknisiana sy Mpandraharaha malagasy no efa tany an-toerana, indrindra indrindra ny avy ato amin'ny Ministera iadidiako. Isan'ireny ny hazomaniry fahazoana fingotra. Ao koa ny fiompiana trondro isan-karazany sy ny fikojakojana ny zava-boahary, izay mbola mety handefanay olona hanao fanadihadiana any an-toerana indray andro any. Na eo aza izany rehetra izany, dia tsy hainay ny tsy hanolotra fankasitrahana amin'ny fifanampiana sy fiaraha-miasa nisy toe amin'ny Governemanta malagasy sy ny nasoivohonareo eto Antananarivo izay tsy niroa fo tokoa tamin'ny fikatsahana ny fomba hifanakalozana ara-teknolojia.

Tsara dia tsara tokoa raha isika samy firenena an-dalampandrosoana no mahay na afaka hifampitarika, hoy ny Filoha lefitry ny Antenimierampirenena indoneziana. Ary izao fahatongavanay eto Madagasikara izao, hoy izy, dia mazava fa hanamafy ny fihavanana sy ny fiaraha-miasa ho amin'ny fifampandrosoana no tena antony lehibe.

Nampatsiahiviny ny fitsidihina nataony teny Fenerive-Est izay nampisehoana tamin-dry zareo ny fomba fikarakarana ny famokarana jirofo. Mividy ny jirofo malagasy izahay, hoy izy, satria tena mila izany be dia be tokoa ny Vahoaka Indoneziana. Aoka anefa, hoy ihany izy, mba hamasoana fatratra ny fanatsarana sy ny fampitomboana azy satria mety dia mety tokoa eto aminareo io karazambokatra iray io.

Tsy lavina, hoy Andriamatoa ISNAENI, fa mba manana izay maha-izy azy tokoa ara-pamokarana i Indonezia. Andraisana anjara lehibe eo amin'ny tsena iraisam-pirenena ny sasantsasany aminy. Tanisaina amin'izany ny paraky izay tena ifaninanay tokoa amin-dry zareo Kiobana, ny dite izay ifaninanay amin'i Ceylan, ny karazana hazoala fanaovan-taozavatra sy asan-tanana izay natsahatray mianadalana ny fanondranana azy mankany ivelany mba tsy hahatompony mangataka atiny anay kosa. Ekena koa ny hatsaran'ny trondro amin'ny fari-dranomasina hoy izy. Nosinganiny ilay antsoina hoe " Goldfish "( na trondro volamena )izay mora dia mora tokoa ny fomba fiompiana azy. Tsy fitiavana hampidera zava-misy anefa no ataoko, hoy ny filohan'ny delegasiona indoneziana, fa mampahalala teo-tsotra ny toetoetry ny vokatra any aminay fotsiny ihany. Koa raha ilaina ny hanatsarana sy hanitarana hatrany hatrany ny fiaraha-miasa, dia ilaina dia ilaina ny fifanakalozana teknisiana sy manampahaizana manokana mifanaraka indrindra amin'izay ilain'ny Ministeran'ny Fampandrosoana eto Madagasikara.

Ny fiaraha-misalahy tokoa no tena anaporofoana ny fisian'ny fifanatoram-pihavanana, hoy indray ny Ministra Simon PIERRE. Tsapa fa misy ny fitovitoviana amin'ny vokatra sy ny zava-misy amin'ireo tany an-dalam-pandrosoana. Hanatsapa izany, hoy izy, ny Vondron'ny tany tsy momba ny atsy na ny aroa izay nivory tany Pyong Yang tamin'ny volan Septambra teo fa ilaina ny firaisankina mba tsy ho lasa fitaovana eo ankilan'ny firenen-baventy ny firenena sy tany an-dalam-pandrosoana. Ny firaisankinan'ny rehetra no hahafahana mipandrosoana avotra sy tsy hiankinan-doha ka hofameno ny tombontsoan' ny firenena tsirairay.

HASONGADIN'IRETO VAHINY INDONEZIANA IRETO HO TENA ZAVA-DEHIBE HANANA NY ANTONY TOKOA EO AMIN'NY FIFANDRAISAN'NY FIRENENA ROA TONTA NY TOKONY HIFANAKALOZANA TANTERAKA AMIN'NY LAFINY REHETRA MIHITSY, satria MIAIKY TONGOTRA A-MIN-TANANA IRETO VAHINY FA MPIHAVANA TOKONY HIFANAMPY I MADAGASIKARA SY INDONEZIA.

FIARAHA-MISAKAFOM-PIRAHALAHIANA
SY KABARY FANDRAISANA NATAON'NY
BIRAO MAHARITRA.

Araka ny fomba fanaon'ny Birao Maharitryny APEB, amin'ny fotoam-pandraisam-bahiny manan-kaja samihafa tonga eto amin'ny Firenena dia manolotra fiaraha-misakafo fanomezam-boninahitra sy fanehoam-pifankatiavana.

Tao amin'ny SOLIMOTEL ihany, toa izay efa nandraisantsika an-dry zareo Sovietika , no nanasana koa ny delegasiona parlemantera indoneziana .

Koa satria solontena ihany ny Solombavambahoaka nandray anjara , indro avoakanay manontolo ny kabary nataon'ny Filoha Lucien -Xavier Michel ANDRIANARAHINJAKA , tanin'ny anaran'ny Birao Maharitra sy ny Antenimierampirenena ontim-bahoaka manontolo :

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Parlemanta indoneziana,
Andriamatoa Miandraiki-draharahan'i Indonezia
eto Madagasikara ,
Andriamatoa isany Mambra amin'ny Delegasiona,
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Misy lafin-javatra hita sy fotoana diavin'ny vahoaka izay raketin'ny tantarany noho ny maha-zava-dehibe azy sy ny hevitra fonosiny, ka anisan'izany izao fitsidihana ofisialy voalohany ataon'ny Delegasiona parlemanta indoneziana eto Madagasikara.izao.

Voalohany mantsy izao, eo amin'ny tantaran'ny firenena sy ny vahoaka roa tonta, no misy solontenam-bahoaka indoneziana tonga eto Madagasikara , anefa teo dia teo ny zavaboarakitry ny lasa izay mapiseho fa iray firazanana ny Malagasy sy ny Indoneziana. Izany dia vao mainka avoitry ny fitovitovian'ny teny malagasy sy ny teny indoneziana, ary na hatramin'ny fomba fisainana sy ny fomba amam-panao koa aza , izay tsapanay raha nivahiny tany Indonezia izahay.

Mino izahay fa irany rehetra raketin'ny tantara ireny sy izao fahatongavanareo eto aminay izao, izay tsy lateaka izany eo amin'ny tantara , dia santatry ny fampivelarana ny ambaindain'ny fifandraisana tokony hisy eo amin'ny vahoakantsika roa tonta .

Marina aloha fa samy hafa ny rafitra politika sy ny lalam-pandrosoana nofinidin'i Madagasikara sy Indonezia. Na izany aza anefa , eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena , ny tanintsika roa tonta izay samy nozanahina, dia samy anisan'ny tany tsy baikoin'ny atsy na ny aroa sy ny vondron'ny 77ary mitolona koa hanafoana ny fanjanahan-tany sy ny fanjakazakana an-tanin'olona.

Eo amin'izay mikasika ny ao an-tokantranony dia nisafidy hanangana fiaraha-monina sosialista amin'ny alalan'ny Revolisiona ataony i Madagasikara . Izany safidy nataon'ny vahoaka malagasy tamin'ny taona 1975 izany dia hoverinay fa mifanojo sy mifanitsy indrindra amin'ny tantaran'ny taninay sy amin'ny fomba fisainan'ny vahoakanay, izay lova navelan'ny tantara ihany koa , satria nantsy mangetaheta fiadanana sy fahasambarana ny vahoaka malagasy ,-toy ny vahoaka indoneziana ihany koa . Na dia eo aza anefa izany tsy fitovian'ny lalam-pandosoana sy ny fanatanterahana azy izany , dia tsy tokony ho vato misakana ny fanamafisana ny rohim-pihavanana sy ny fiarahamiasa eo amin'ny vahoakantsika roa tonta izany , satria tsy hc tontosa ny tolona ataontsika hanafoanana ny fanjanahan-tany sy ny fanjakazakana an-tanin'olona raha tsy mifarimbona isika .

Indrindra moa fa tsy ho afa-miala amin'ny fiankinan-doha ara-toekarena amin'ireo mpanjanaka taloha sy ireo imperialista isika, raha tsy miara-misalahy akaiky dia akaiky .

Araka izany lalan-kevitra izany no nahatonga an'Atoa hajaina Didier RATSIRAKA, Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy,hanolo-kevitra fa ny fisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny tany samy aty Atsimo sy ny fampiroboroboana izany, no hany lalan-tokana hahazoana miala amin'izany fiankinan-doha mahasompotra izany;indrindra amin'ny alalan'ny fanomezana aingana ny toekarena ka ny fifanakalozana ara-barotra sy aratekinika eo amin'ny tany samy eo an-dalam-pivoarana no hahatongavana amin'izany . Ny tany efa mandroso ihany mantsy no mahazo tombontsoa amin'ny fifanakalozana misy amin'izao fotoana izao.

Na dia voafetra ihany aza amin'izao fotoana izao ny fifandraisan'i Madagasikara sy Indonezia dia azo ataoohatra izy eo amin'ireo tany an-dalam-pandrosoana izay mikoly aina hanitatra ny fifandraisany , na ara-toekarena izany na ara-barotra na hatrany ny fifandraisan'ny roa tonta .

Araka izany, dia averinay ihany ny fisaoranay an'Atoa Filoha SOEHARTO, noho ny finiavany hanatanteraka ny faniriana ny ho amin'ny lafiny hafa koa, ka mihevitra izahay fa hiroborobo raha nangataka izahay, fony nivahiny tany Indonezia , ny andefasana delegasiona artistika sy koltoraly indoneziana aty Madagasikara , mba hahalalan'ny vahoaka malagasy bebe kokoa ny zava-kanto sy ny vahoaka indoneziana.

Mino koa izahay fa anisan'ny hamiroboroboany ,fifandraisana ara-toekarena eo amin'i Madagasikara sy Indonezia ny fahatongavan'ny iraka indoneziana mikarakarany ara-toekarena eto Madagasikara amin'ny manaraka. Araka ny hitanareo moa dia manomboka mihamahazo vahana ny fifandraisan'ny tanintsika roa tonta , ary ny hampiroboroboana izany dia ny mba hampamirapiratra ny vahoakantsika sy ny mba hifankahalalany bebe kokoa.

Tsy ho tratra anefa izany tanjona kendrentsika izany raha tsy misy ny fandriampahalemana eran-tany indrindra aty amin'ny faritry ny Oseana Indiana , ka ny fahatsapana tanteraka fa ilaina ny fandriampahalemana mba hahazoana manatontosa ny fampandrosoana ara-toekaronasy ara-tsosialy araka ny hetahetan'ny vahoakantsika , nonahatonga an'Atoa hajaina Didier RATSIRAKA Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy , nanolo-kevitra mba hanaovana Fivoriana An-tampony eto Antananarivo, ka amin'izany no handrindrana fifanarahana iraisam-pirenena hahatonga ny Oseana Indiana ho tena faritry ny fandriam-pahalemana. Eto koa izahay dia manoho ny hafaliana̲y , fa tamin'ny fotoana nivahinianay tany Indonezia , dia nanaikyny foto-kevitra momba io Fivoriana An-tampony io ny Filoha SOEHARTO. Tena zava-dehibe aminay izany', satria i Indonezia dia anisan'ireo tany manamorona ny Oseana Indiana ka voakasik'ity hoe "Oseana Indiana faritry ny fandriam-pahalemana" ity.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Antenainay fa ny fivahinianareo eto aminay dia nahazoanareo sy hahazoanareo mahalala bebe kokoa ny tena hetahetan'ny vahoakanay amin'ny alalan'ny tantarany sy ny I lasany , amin'ny alalan'ny fivoarana izay kendren'ny vahoaka malagasy mba hanatsarany ny toe-piainany , na dia eo aza ireo fahasahiranana tsy maintsy sedraina .

Koa matoky tanteraka ny fihavanan'ny vahoaka malagasy sy indoneziana aho, ary matoky toy izany koa ny fifandraisan'ni Madagasikara sy Indonezia , ka noh izany dia miangavy anareo, Tompokolahy sy Tompokovavy , hanainga ny veranareo ho voninahitry ny Filoha RATSIRAKA sy SOEHARTO. Firariantsoa ho amin'ny firoboroboan'ny fifandraisana sy izay hanitarana amin'ny lafiny maro ny fiaraha-miasa sy ny fifanakalozana tsy ara-taratasy ihany fa ara-teknika ,ekonomika , koltora, etsetra.

Izany no azo anabangoana ny tenin'Atoa ISNAENI raha nanome setriny ny kabarin'ny Filohan'ny APEB izy sady iangavy ny maro tafavory hampakatra ny vera ho an'ny Fifankatiavana indoneziana sy malagasy.

..../....

6666666666666666666666666

6666666666666

6666666

# OYE RATSIRAKA !

VITA SOA NY FIFIDIANANA
FILOHA AMBONY TARAHA-MANANA,
HITANTANA NY FANJAKANA,
HIKATSAKA 'ZAY HITRAKANA.

VITA SOA NY FIFIDIANANA,
ADIDY MASINA IKAMBANANA,
NIFANTEHANA MPITARIKA,
HAMOLAVOLA TORO-MARIKA
ARY KOA HITARI-TOLONA,
HANENTANA NY FOKONOLONA.

VITA SOA NY FIFIDIANANA,
RATSIRAKA NO NOTOHANANA,
NANDROTSAHAM-BATO MENA,
LOKO JAKIM-PANDRESENA.

NANDRESY TSAHISY AMBATRAMBATRA
NY ISAN-JATO RAH'NATAMBATRA.
VITA SOA NY FIFIDIANANA:
OYE RATSIRAKA,RY HAVANA.

HIAKA MAHASARO-PIARO
ANTOKO IRAY RAH'TAFAHARO
NY OYE OYEIFEO MIFAMALY
AREDON'IO HATRANY HATRANY.

HOY NY HIAKA: OYE RATSIRAKA !
NY MALAGASY MANKASITRAKA,
MIANTSOANTSO: OYE ! OYE !
NY TOLONA HANDRESY ANIE.

HISAV'INDRAY KA HIBALIAKA
NY TARA-MASOANDRONTSIKA;
KA NY RAHON-PAHANTRANA,
TSY FAHAMPIANA KOA HIALANA,
HIZOTRA INDRAY NY SAMBOFIARA
HO TODY SOA IGASIKARA.

VITA TEO NY ADIDINTSIKA
MALAGASY LIAN-PIVOARANA;
'ZAY SETRINY NO ANDRASANTSIKA,
HO INONA NO HIFAHARANA ?

FANOVANA NO TAKIANA
MBA HANALA HAKIVIANA
SY HAMPISAVA NY AHIAHY
MANDRERA-TSAINA AMAM-PANAHY
NY MARO AN'ISA,AMBANILANITRA,
MANONOFY FIAINAN-TSAMBATRA.

Koa NDAO ianao,ry MFM,
Fohazinao ny AKFM
Hitsinjo tanjom-pahafahana,
Hampiainga,hampilakilaky
Ny sambo IRAY TSY MIVAKY.

Rose tsa hipody koa,
Hikatsaka 'zay hahasoa
Ny Kapiteny AREMA,
Mpitari-tolona voafidy.
Hanapaka,hitondra adidy.

Ry VS MONIMAN'-
ITSIHOZONY MAHARANGA:
ASEHOY NY HERINAO
HO FANTATRA,HIRANGARANGA,
KA TAHIO MBA HAHAVANONA,
HITORY HASIM-PIHAVANANA
NY DEMOKRATY KRISTIANA,
HAMPIOVA FO 'REO MPIOLONOLONA
" TSY MAINTSY HANDRESY ANIE NY TOLONA !"

RASOLOMANANARANTSOA barijaona
( Ilay Solofohanitr'ifisakàna )



Tonga soa ny avy lavitr' ê !..



Nahay nitondra voan-dàlana i L.-X.M.A., hoy ireto CSR roalahy, mibitsika mangina.



14 taona nanomanana « Thèse » vao nahatafita ny « Doctorat d'Etat ». Dadany izany ...



Namoaka an !.., hoy ny Solombavambahoaka sy ny Mpiasa, raha tonga niarahaba azy ...





Fahombiazantsika iombonana izay vitanao, Atoa Filoha...

Fifampiarahabana sy fifampirariantsoan' ny Birao Maharitra sy ny Mpiasan' ny APEB noho ny tonon-taona.




Ho vivato anie ny aina hiaraha-miasa.





Ny solontena vaovaon' i Lybie tonga nihaona koa tamin' ny Filoha LXMA



Nitsidika ara-pomba fifanajana ny Filoha ny Ambasadaoro frantsay vaovao.




Endri-piarahamiasa kosa no asehon'ny sary. Nanome boky ho an'ny Bibliothèque ANP ny Ambasadaoro alemana-tandrefana.




Handeha hody ny Ambasadaoro koreana niasa voalohany teto amintsika ka nanao veloma ny Filoha.







Tao amin' ny Sekolin' ny Masera etsy Amparibe —



Ny vadin' ny Mambran' ny BIRAO MAHARITRA sy ny zanaky ny Mpiasa noho ny fetin' ny NOELY.





«KRISMASY INDRAY NO TONGA KA MIFALY NY KILONGA, SOMEBISEBY, RAVORAVO NOHO NY FITAHIAN' NY AVO».

Krismasy 1980 tato amin' ny Lapan' i Tsimbazaza.



